Olomangan’i Madagasikara

Mba ho fahatsiarovana ny raharahan’ny 1947 dia ireo olona nanana andraikitra manodidina iny zava-niseho teto Madagasikara nisy rà nandriaka tamin’ny fanoherana ny fanjanahan-tany iny no hatolotra eto amin’ity laharana faharoa sy ny fahatelo manaraka azy, amin’ny lahatsoratra mikasika an’ireo olona nanana tantara nisongadina noho ny maro hafa teto amin’ity Nosy ity. Tsy izy rehetra anefa satria voafetra ny toerana, fa araka ny efa nifanarahana tany amboalohany dia ireo tsy mbola voasoratra loatra ny momba azy no ho resahana.

Andriamiseza Roger izay ho tenenina voalohany eto dia mpitsara teraka tamin’ny taona 1925 ary maty tamin’ny 1994. Mpikambana tao amin’ny antoko M.D.R.M izy ka nosamborina tamin’ny 06 aprily 1947 ary dia notanana am-ponja tao Antananarivo, Nosy Be ary Antsiranana hatramin’ny 07 novembre 1950 namotsorana azy. Lasa mpitsara izy ary dia notendrena hio solontenan’i Madagasikara tany amin’ny Firenena Mikambana nanomboka tamin’ny taona 1965.

Boiteau Pierre ho resahana manaraka kosa dia mpikaroka sy mpanoratra mpikambana tamin’ny antoko kôminista frantsay izay niezaka niaro an’ireo olona voasambotra tamin’ny raharahan’ny 1947. Izy dia anisan’ireo Frantsay nanao tsikera mavaivay mikasika ny tsy rariny nataon’ny mpanjanatany. Nanoratra tao amin’ny Revio *Esprit* sy ny *Centre d’Etudes et de Recherches Marxistes* izy. Nanoratra boky maro koa izy ka anisan’izany ny *Contribution à l’histoire de la nation malgache* tamin’ny taona 1958, ny *Précis de matière médicale t dictionnaire des noms malgaches des végétaux* izay nosoratany niaraka tamin’ny profesora Rakoto Ratsimamanga sy ny maro hafa tsy ho voatanisa. Maty tamin’ny volana septambra 1980 tany Paris izy.

Dunand Louis sj kosa dia pretra katôlika teraka tamin’ny 09 septambra 1910 tany Paris ary nalefa taty Madagasikara nanao ny « noviciat »tamin’ny fikambanan’ny Jezoita tamin’ny taona 1928. Naverina tany Frantsa izy mba hanohy ny fianarana Filôzôfia sy Teôlôjia ary dia voahosotra ho pretra tamin’ny 12 aprily 1940 ary natao ho « aumônier » ny miaramila malagasy niady tany tamin’ny ady lehibe faharoa. Nolazaina moa fa dia izy no nanampy an-dry Rabemananjara sy ry Ravoahangy nanoratra ny fitsipiky ny antoko M.D.R.M. Izy no azo lazaina fa

tomponan'andraikitra voalohany momba ny serasera tamin'ny misiona katôlika tamin'izany fotoana izanhy ary dia efa talen'ny gazety *Lakroan'i Madagasikara* izy no nanoratra koa tao amin'ny *Lumière* sy ny *Ry tanora mpino.* Maty tamin'ny 01 fevrie 1980 tao Antananarivo izy ary navoakan'ny havany ho boky mitondra ny lohateny hoe *Pionnier Missionnaire 1928-1980* tany Laval Frantsa ny taratasy nosoratany miisa ho 1500, tamin'ny taona 1990.

Joel Sylvain kosa dia miaramila « sergent chef » tamin'ny tafika frantsay teraka tamin'ny taona 1917 tany Maromiandra Toliara. Niditra ho mpikambana tamin'ny antoko M.D.R.M izy ary dia voasambotra sy voaheloka ho faty tamin'ny raharahan'ny 29 martsa 1929 ka nalefa ho sesitany tany Corse Frantsa tamin'ny taona 1948 ka hatramin'ny 1960 nahazoana ny fahaleovan-tena izay nodiany taty Madagasikara. Efa Mpanolotsaina tao amin'ny kaominina Ambalavao Tsienimparihy izy ary maty tamin'ny 16 aprily 1980.

Mohamed Chei dia Kômôriana teraka tany Anjouan tokony tany amin'ny taona 1905 ary tonga taty Madagasikara tamin'ny taona 1926 ka niditra ho mipikambana tao amin'ny antoko M.D.R.M ka voasambotra sy nampijaliana tamin'ny taona 1947. Nijanona teto Madagasikara ary nonina tao Nosy Be izy hatramin'ny taona 1980 nahafatesany.

Rakotozafy Emile dia mpitolona M.D.R.M teraka tamin'ny 29 mey 1917 tao Ambohimanatrika Ambohimahasoa. Nampianatra tao an-toerana ihany izy rehefa nahazo ny C.E.S.D sy C.A.E tao amin'ny Sekoly Rabaut Saint Etienne Fianarantsoa talohan'ny nanaovany ny asa varotra sy mpanao hôtely ankoatry ny fambolena tany Sahasinaka. Izy no filoha lefitry ny M.D.R.M tany an-toerana ary dia nosamborina vokatr'izany ny 02 aprily 1947. Nentina niakatra tany Antananarivo ary nohelohina ho faty tamin'ny Fitsarana tamin'ny 09 jolay 1948 ary dia notifirina ny 31 martsa 1949 tao Andrainarivo.Tsy hitan'ny taranany anefa ny taolambalony mandrak'ankehitriny na dia namela soratanana vitsivitsy mikasika iny toe-draharaha iny izy.

Tata max hamaranana azy dia tia tanindrazana teraka tao Farafangana tamin'ny taona 1907. Nianatra ho mpitandrina tao amin'ny Kôlejy Pastôraly tao Ambohipotsy izy ary dia voatendry hitondra fiangonana tao Manazary Ilafy, Mananjara-Mahitsy ary Morarano Gara naomboka tamin'ny taona 1932 ha

hatramin’ny 1936. Tamin’ny taona 1946 dia voafidy ho Mpanolotsaina Kaominaly tao Antananarivo izy. Voasambotra izy tamin’ny taona 1947 satria anisan’ny noheverina fa nikonokonona ny fiokoana tamin’ny taona 1947 ary dia nohelohina ho faty tamin’ny fitsarana tamin’ny 04 ôktôbra 1948. Niova ho gadra mamndra-pahafaty izany ka nalefa sesitany tany Comores, sy Corses izy ny taona 1948 ka hatramin’ny taona 1956. Tamin’ny taona 1960 izy vao tafaverina taty Madagasikara. Voafidy ho Filohan’ny Mpanolotsainan’ny Faritanin’i Fianarantsoa izy tamin’ny Repoblika faharoa ary nodimandry tamin’ny 10 ôktôbra 1983. (Hitohy).

Pr Rasamoelina Henri

(Oniversiten’i Fianarantsoa)